**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

# LOI n° 2004 - 025

**Autorisant la ratification de l'Accord de crédit conclu le 03 juin 2004 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au financement du Projet de Développement Communautaire - Crédit n° 3498 -1 MAG**

## EXPOSE DES MOTIFS

Suivant Accord de crédit en date du 03 juin 2004, la République de Madagascar a contracté auprès de l'Association Internationale de Développement (IDA) un crédit de TRENTE QUATRE MILLIONS DEUX CENT MILLE (34.200.000) DTS équivalent à CINQUANTE MILLIONS (50.000.000) USD soit environ CENT VINGT QUATRE MILLIARDS QUATRE CENT VINGT CINQ MILLIONS (124.425.000.000 ) ARIARY.

Ce crédit est destiné à financer le Projet de Développement Communautaire FID IV (crédit Supplémentaire).

### I- OBJECTIFS

Les objectifs sont, par le biais de réactions et d'actions rapides, d'apporter secours aux populations victimes de cyclones, en réhabilitant ou en reconstruisant les infrastructures détruites ou endommagées. Il y a en premier les infrastructures sociales ou économiques, mais aussi les bâtiments administratifs des zones touchées par les cyclones.

### II- COMPOSANTES DU PROJET

Le projet est administré par le Fonds d'Intervention pour le Développement (FID) en accord avec l'Association Internationale de Développement (IDA) et le Gouvernement.

Il comprend quatre composantes principales :

1- Composante « PROJETS COMMUNAUTAIRES » : le Projet de Développement Communautaire finance les projets prioritaires compris dans le Plan Communal de Développement à travers les associations des bénéficiaires.

Les projets éligibles comprennent des infrastructures sociales et économiques et s'étendent sur tout le territoire.

2- Composante « FINANCEMENT DIRECT DES COMMUNES » : le Projet de Développement Communautaire transfère des Fonds directement aux communes pour leur permettre de réaliser des projets et activités prioritaires de leur Plan Communal de Développement. Cette composante est une expérience pilote, mais intéresse les communes des six Provinces Autonomes de Madagascar.

3- Composante « RENFORCEMENT DES CAPACITES » : elle vise à améliorer la qualité des prestations des partenaires du FID ( les communes, les associations des bénéficiaires, les organismes prestataires de services) et à accroître leur capacité d'intervention.

4- Composante « PROTECTION SOCIALE » : le Projet de Développement Communautaire procure des revenus et moyens de subsistances contre travail aux personnes les plus démunies qui ont été victimes de catastrophes naturelles ou autres crises et chocs, et améliore les conditions de vie et de l'environnement pour les populations par le financement de la réalisation des travaux communautaires à haute intesité de main d'œuvre.

## III- <u>CONDITIONS FINANCIERES DU PRÊT</u>

a) Montant : 50.000.000 USD , soit environ 124.425.000.000 ARIARY.

b) Durée totale : 40 ans dont 10 ans de différé.

c) Remboursement du principal : par échéances semestrielles payables le 1er mai et le 1er novembre de chaque année à compter du 1er novembre 2014.
La dernière échéance étant payable le 1er mai 2044.

d) Commission d'engagement : (due sur le principal du crédit non retiré) taux annuel de un demi de un pour cent (1/2 de 1%) par an, payable semestriellement le 1er mai et le 1er novembre de chaque année.

e) Commission de service : taux annuel de trois quart de un pour cent (3/4 de 1%) sur le principal du crédit retiré et non encore remboursé, payable semestriellement le 1er mai et le 1er novembre de chaque année.

Aux termes de l'article 82, paragraphe VIII de la Constitution « la ratification ou l'approbation des traités… qui engagent les finances de l'Etat… doit être autorisée par la loi ».

Tel est l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

# LOI n° 2004 - 025

**Autorisant la ratification de l'Accord de crédit conclu le 03 juin 2004 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au financement du Projet de Développement Communautaire - Crédit n°3498-1 MAG**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 13 juillet 2004 et du 21 juillet 2004, la Loi dont la teneur suit :

**Article premier**- Est autorisée la ratification de l'Accord de crédit conclu le 03 juin 2004 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au financement du Projet de Développement Communautaire d'un montant de TRENTE QUATRE MILLIONS DEUX CENT MILLE (34.200.000) DTS équivalent à CINQUANTE MILLIONS (50.000.000) USD soit environ CENT VINGT QUATRE MILLIARDS QUATRE CENT VINGT CINQ MILLIONS (124.425.000.000 ) ARIARY.

**Article 2**- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

**Antananarivo, le 21 juillet 2004**

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,** **LE PRESIDENT DU SENAT,**

**LAHINIRIKO Jean** **RAJEMISON RAKOTOMAHARO**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
***Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana***

**ANTENIMIERAMPIRENENA**

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA- 027/2004 tamin'ny 29 jona 2004**

**Anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola natao ny 03 jona 2004 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampandrosoana (IDA) momba ny famatsiam-bola ny Tetikasa ho amin' ny Fampandrosoana ny Vondrombahoaka (Fampisamboram-bola laharana faha- 3498-1 MAG).**

## FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Araka ny Fifanarahana fampisamboram-bola natao ny 03 jona 2004, ny Repoblikan'i Madagasikara dia nitrosa tamin'ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampandrosoana (IDA), vola mitentina ROA HETSY SY EFATRA AMBINY TELOPOLO TAPITRISA (34.200.000) DTS mitovy sanda amin'ny DIMAMPOLO TAPITRISA 50.000.000) Dôlara amerikana , na eo ho eo amin'ny EFATRA HETSY SY EFATRA AMBY ROAPOLO SY EFAJATO SY EFATRA ARIVO SY ROA ALINA SY IRAY HETSY (124.424.400.000) Ariary.

Izany fampisamboram-bola izany dia natokana hamatsiana ny Tetikasa ho an'ny Fampandrosoana ny Vondrombahoaka (Fampisamboram-bola fanampiny).

## I - TANJON' NY TETIKASA

Ny tanjon'ny tetikasa dia, amin'ny alalan'ny hetsika sy ny lahasa haingana, hitondra fanampiana ho an'ny mponina niharam-boina tamin'ireo rivodoza, mba hanarenana sy hanamboarana ireo foto-drafitrasa potika na simba. Lohalaharana amin'izany ireo foto-drafitrasa ara-tsosialy na ara-toekarena, nefa anisan'izany koa ireo biraom-panjakana tany amin'ireo toerana nandalovan'ny rivo-doza.

## II - FIZARAZARAN' NY TETIKASA

Ny tetikasa dia tantanan'ny Tahiry misahana ny Fampandrosoana(FID) araka ny fifanarahana teo amin'ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampandrosoan sy ny Governemanta.

Mizara ho telo lehibe ny tetikasa :

1. Fizarana "TETIKASA HO AN' NY VONDROMBAHOAKA" : Ny "Tetikasa ho an'ny Fampandrosoana ny Vondrom-bahoaka" dia mamatsy vola ny tetikasa nomena laharam-pahamehana tafiditra ao amin'ny Drafitr'asan'ny Kaominina momba ny Fampandrosoana tanterahin'ny mpahazo tombontsoa.

Ny tetikasa azo fidiana dia misy ny fotodrafitr'asa ara-tsosialy sy ara-toekarena ary manerana ny firenena.

2. Fizarana "FAMATSIAM-BOLA MIVANTANA HO AN'NY KAOMININA" :
Ny "Tetikasa ho amin'ny Fampandrosoana ny Vondrombahoaka" dia mamindra vola mivantana ho an'ny kaominina mba hahafahan'izy ireo manatanteraka tetikasa sy asa nomena laharam-pahamehana voafaritry ny Drafitr'asan'ny kaominina ho amin'ny Fampandrosoana nataony. Ity fizarana ity dia andrana tarika, nefa mahasahana kosa ny kaominina ao anatin'ny faritany mizaka tena enina eto Madagasikara

3. Fizarana "FANAMAFISANA NY FAHAIZA-MANAO" : Izany dia mitsinjo ny fanatsarana ny asa ataon'ny mpiray ombon'antoka amin'ny FID (ny kaominina, ny fikambanan'ny mpahazo tombontsoa, ny fikambanan'ny mpandraharaha) sy fampitomboina ny fahaizany manao eo am-perin'asa.

## III - FEPETRA NY FAMPINDRAMAM-BOLA :

a)Vola notrosaina:ROA HETSY SY EFATRA AMBY TELOPOLO TAPITRISA DTS (34.200.000 DTS), na eo ho eo amin'ny EFATRA HETSY SY EFATRA AMBY ROAPOLO SY EFAJATO SY EFATRA ARIVO SY ROA ALINA SY IRAY HETSY (124.424.400.000) Ariary.

b)Faharetan'ny famerenam-bola : 40 taona ao anatin'izany ny 10 taona tsy andoavana.

c)Famerenana ny Renivola : isaky ny enim-bolana, ka aloa ny 01 mey sy ny 01 novambra manomboka ny 01 mey 2014.

Ny fandoavam-bola farany dia ny 01 mai 2044.

d)Tambim-panekena:(alaina amin'ny renivola tsy mbola nalaina)atsasaky ny iray isan-taona(1/2 ny %) ny taha isan-taona , aloa ny 01 mey sy ny 01

novambra isan-taona.

e)Tambiny amin'ny fampiasam-bola : telo ampahefan'ny iray isan-jato (3/4 ny %) ny taha isan-taona amin'ny renivola nalaina ary mbola tsy voaefa aloa isaky ny enim-bolana ny 01 mey sy ny 01 novambra isan-taona.

Ny Minisitry ny Toekarena , ny Teti-bola ary ny Fitantanam-bola no hisahana ny famelabelarana ny antonantony sy ny fanohanana izany mandritra ny ady hevitra.

Araka ny voalazan'ny Andininy faha-82, paragrafy VIII ao amin'ny Lalàmpanorenana: "Tsy maintsy lalàna no manome alàlana hankatoavana … ny fifanarahana… izay mampiditra andraikitra hoefaina amin'ny volam-panjakana… ".

Izany sy izany , no anton'ity Volavolan-dalàna ity.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

**ANTENIMIERAMPIRENENA**

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA- 027/2004 TAMIN'NY 29 JONA 2004**

**Anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola natao ny 03 jona 2004 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampandrosoana (IDA) momba ny famatsiam-bola ny Tetikasa ho amin' ny Fampandrosoana ny Vondrombahoaka (Fampisamboram-bola laharana faha- 3498-1 MAG).**

Nolanian'ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny faha 12 jolay 2004, izao volavolan-dalàna manaraka izao :

**Andininy voalohany** : Omen-dàlana , ny fankatoavana ny Fifanarahana fampisamboram-bola tamin' ny 03 jona 2004 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin' ny Fampandrosoana (IDA) momba ny famatsiam-bola ny Tetikasa ho amin'ny Fampandrosoana ny Vondrombahoaka (Fampisamboram-bola laharana faha- 3498-1 MAG).

**Andininy faha-2** : Izao lalàna izao dia havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Hotanterahana izany fa Lalàm-pajakana.

**Antananarivo, faha 12 jolay 2004**

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**NY SEKRETERA,**

**LAHINIRIKO Jean**

Département juridique
Projet confidentiel
Traduction non officielle
du texte anglais original qui seul fait foi
(Susceptible de modifications)
G. Veuillot
2 juin 2004

CREDIT NUMERO 3498-1-MAG
(Amendement)

Accord portant modification de
l'Accord de Crédit de Développement

(Projet de Développement Communautaire)

entre

LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR

Et

L'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DÉVELOPPEMENT

En date du 03 JUIN 2004

TRADUCTION NON OFFICIELLE DU TEXTE ANGLAIS ORIGINAL QUI SEUL FAIT FOI

CREDIT NUMERO 3498-l-MAG
(Amendement)

ACCORD PORTANT MODIFICATION

DE L'ACCORD DE CREDIT DE DÉVELOPPEMENT

ACCORD, en date du 03 Juin 2004, entre la REPLIBLIQUE DE MADAGASCAR (l'Emprunteur) et l'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DÉVELOPPEMENT (l'Association).

ATTENDU QIJE A) l'Emprunteur et l'Association ont conclu un Accord de Crédit de Développement (au titre du Projet de Développement Communautaire -- Crédit Numéro 3498-MAG) en date du 22 mai 2001 (l'Accord de Crédit de Développement), aux fins de fournir un appui durant l'exécution du Projet de Développement communautaire, tel que décrit à l'Attendu à l'Accord de Crédit de Développement (le Projet) ;

ATTENDU QUE B) l'Emprunteur a accepté de mettre les fonds du Crédit à la disposition du Fonds d'Intervention pour le Développement (FID) et, à cette fin, a conclu une Convention (la Convention) avec le FID;

ATTENDU QUE C) l'Association et le FID ont conclu un Accord de Projet en date du 22 mai 2001 (l'Accord de Projet) aux fins de l'exécution du Projet;

ATTENDU QUE D) l'Accord de Crédit de Développement a été modifié le 9 novembre 2002, et le 30 avril 2004;

ATTENDU QUE E) l'Emprunteur a demandé à l'Association d'apporter une contribution supplémentaire au financement du Projet en augmentant le montant fourni au titre de l'Accord de Crédit de Développement d'un montant en monnaies diverses équivalant à trente quatre millions deux cent mille Droits de Tirage Spéciaux (DTS 34 200 000); et

ATTENDU QUE l'Association a accepté, à la suite notamment de ce qui précède, d'accorder à l'Emprunteur ladite assistance supplémentaire aux conditions stipulées dans le présent Accord;

PAR CES MOTIFS, les parties au présent Accord sont convenues de ce qui suit:

ARTICLE PREMIER
Amendements à l'Accord de Crédit de Développement

Section 1.01. La Section 1.02 de l'Accord de Crédit de Développement est modifiée par l'insertion du paragraphe a) ci-après, les paragraphes antérieurement désignés par les lettres a) à m) étant, de ce fait, désignés dans l'Accord amendé par les lettres b)à n)

(a) le terme «Accord Modificatif» désigne l'Accord portant modification de l'Accord de Crédit de Développement (Projet de Développement Communautaire), conclu entre l'Emprunteur et l'Association en date du ____________

Section 1.02. La Section 2.01 de l'Accord de Crédit de Développement est modifiée et se lit comme suit :

Section 2.01. L'Association consent à l'Emprunteur, aux conditions stipulées ou visées dans l'Accord de Crédit de Développement, un Crédit en monnaies diverses d'un montant équivalant à cent dix neuf millions et quatre cent mille Droits de Tirage Spéciaux (119 400 000 DTS) (le Crédit), qui comprend: a) un montant initial en monnaies diverses équivalant à quatre-vingt cinq millions deux cent milles Droits de Tirage Spéciaux (DTS *85* 200 000) (Financement Initial); et b) un montant supplémentaire en monnaies diverses équivalant à trente quatre millions deux cent mille Droits de Tirage Spéciaux (DTS 34 200 000) (le Financement Supplémentaire). »

Section 1.03. Une condition est ajoutée à la fin de la Section 2.04 (b) (i) de l'Accord de Crédit de Développement, libellée comme suit:

« étant toutefois entendu que la commission d'engagement au titre du Financement Supplémentaire court à compter d'une date tombant soixante (60) jours après la date de l'Accord Modificatif;»

Section 1.04. La Section 2.07 (a) de l'Accord de Crédit de Développement est modifiée et se lit comme suit:

Section 2.07. a) Sous réserve des dispositions des paragraphes b) et c) ci-après, l'Emprunteur rembourse le principal du Crédit comme suit :

(i) s'agissant du Financement Initial, par échéances semestrielles payables le 1er mai et le 1er novembre, à compter du 1er mai 2011, la dernière échéance étant payable le 1er novembre 2040. Chaque échéance, jusqu'à celle du novembre 2020 comprise, est égale à un pour cent (1 %) dudit principal, et chaque échéance postérieure est égale à deux pour cent (2 %) dudit principal; et

(ii) s'agissant du Financement Supplémentaire, par échéances semestrielles payables le 1er mai et le 1er novembre, à compter du 1er novembre 2014, la dernière échéance étant payable le 1er mai 2044. Chaque échéance, jusqu'à celle du 1er mai 2024 comprise, est égale à un pour cent (1 %) dudit principal et

chaque échéance postérieure est égale à deux pour cent (2 %) dudit principal.

Section *1.05.* L'Annexe i à l'Accord de Crédit de Développement est modifiée par la révision du tableau figurant à son paragraphe 1, qui se lit comme indiqué dans l'Annexe 1 au présent Accord Modificatif.

Section 1.06. Le Montant Autorisé indiqué au paragraphe 1 (c) de l'Annexe 3 à l'Accord de Crédit de Développement est porté par les présentes de 9 millions de Dollars (USD 9 000 000) à 15 millions de Dollars (USD 15 000 000).

ARTICLE Il

Date d'Entrée en Vigueur ; Expiration

Section 2.01. Le présent Accord Modificatif n'entre en vigueur qu'après que l'Association a reçu des pièces justifiant à sa satisfaction que:

a) un amendement à la Convention, jugé satisfaisant par l'Association, indiquant que les fonds du Crédit mis à la disposition du FID comprennent le Financement Supplémentaire a été signé, et un amendement à l'Accord de Projet a été signé;

b) la signature et la remise du présent Accord Modificatif, de l'Accord portant modification de la Convention et de l'Accord portant modification de l'Accord de Projet, ont été dûment autorisées ou ratifiées, toutes les mesures nécessaires ayant été prises par les autorités.

Section 2.02. Au titre des pièces devant être fournies conformément à la Section 2.01 du présent Accord Modificatif, il sera fourni à l'Association un avis ou des avis, jugés satisfaisants par l'Association et émanant d'un conseiller juridique acceptable par l'Association, indiquant: i) au nom de l'Emprunteur, que le présent Accord Modificatif a été dûment autorisé ou ratifié par l'Emprunteur, et signé et remis au nom de l'Emprunteur, et qu'il a force obligatoire pour l'Emprunteur conformément à ses termes; et ii) au nom du FID, que l'Accord portant modification de l'Accord de Projet et l'accord modifiant la Convention ont été dûment autorisés ou ratifiés par le FID, et signés et remis au nom du FJD, et qu'ils ont force obligatoire pour le FID conformément à leurs termes.

Section 2.03. Le présent Accord Modificatif entre en vigueur et prend effet à la date à laquelle l'Association notifie à l'Emprunteur qu'elle accepte les pièces requises par la Section 2.01 du présent Accord Modificatif.

Section 2.04. Si le présent Accord Modificatif n'est pas entré en vigueur et n'a pas pris effet à une date tombant quatre-vingt-dix (90) jours après la date du présent Accord Modificatif, ledit Accord Modificatif et toutes les obligations incombant aux parties aux termes dudit Accord Modificatif prennent fin, à moins que l'Association ne fixe une date ultérieure aux fins de la présente Section. Si le présent Accord Modificatif prend fin en vertu des dispositions de la présente Section, l'Accord de Crédit de Développement reste pleinement en vigueur comme si le présent Amendement n'avait pas été signé.

EN FOI DE QUOI les parties au présent Accord, agissant par l'intermédiaire de leurs représentants dûment habilités à cet effet, ont fait signer le présent Accord Modificatif en leurs noms respectifs à ________________,* les jour et an que dessus.

LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR

Par

Représentant Habilité

L'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DEVELOPPEMENT
Par
Représentant Habilité

* L'accord est signé dans sa version originale en anglais

APPENDICE 1

ANNEXE 1

Retrait des Fonds du Crédit

Montant du financement affecté % de

(exprimé en dépenses
Catégorie DTS) à financer

Financement Financement
Initial Supplémentaire

1) Dons au titre de Sous- 100 % du montant des dons
Projets décaissés
a) au titre de la Partie E 12 170 000 3 420 000
du Projet
350 000
b) au titre de la Partie F 4 500 000
du Projet

c) autres 51 090 000 29 400 000

2) Assistance technique, 13 170 000 350 000 100 % des dépenses en
formation et audits devises et *85 %* des
dépenses en monnaie
nationale s'agissant du
Financement Initial; *85 %*
des dépenses en devises et
75 % des dépenses en
monnaie nationale pour les
services de consultants (y
compris les audits)
s'agissant du Financement
Supplémentaire.

3) Véhicules, matériels 1 170 000 100 % des dépenses en
mobiliers et devises et 80 % des
équipementsdépenses en monnaie
nationale

4) Charges de 3 100000 200000 90%
fonctionnement

*5)* Non affecté 0 480 000

TOTAL 85 200 000 34 200 000

Département juridique
Traduction non officielle
du texte anglais original qui seul fait foi
Projet confidentiel
(Susceptible de modifications)
G. Veuillot
3 juin 2004

CREDIT NUMERO 3498-1-MAG
(Amendement)

Accord portant modification de
l'Accord de Projet

(Projet de Développement Communautaire)

entre

L'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DÉVELOPPEMENT

et

LE FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT

En date du   2004

TRADUCTION NON OFFICIELLE DU TEXTE ANGLAIS ORIGINAL QUI SEUL FAIT FOI

CREDIT NUMÉRO 3498-1-MAG

(Amendement)

ACCORD PORTANT MODIFICATION DE L'ACCORD DE PROJET

ACCORD, en date du __________________________ 2004, entre l'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DÉVELOPPEMENT (l'Association) et le FONDS D'INTERVENTION POUR LE DÉVELOPPEMENT (FID).

ATTENDU QUE A) LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR (l'Emprunteur) et l'Association ont conclu un Accord de Crédit de Développement (au titre du Projet de Développement Communautaire -- Crédit Numéro 3498-MAG) en date du 22 mai 2001 (l'Accord de Crédit de Développement), aux fins de fournir un appui durant l'exécution du Projet de Fonds de développement communautaire, tel que décrit aux Attendus de l'Accord de Crédit de Développement (le Projet);

ATTENDU QUE B) l'Emprunteur a accepté de mettre les fonds du Crédit à la

disposition du FID et a conclu une Convention (la Convention) avec le FID à cette fin;

ATTENDU QUE C) l'Association et le FID ont conclu un Accord de Projet en date du 22 mai 2001 (l'Accord de Projet) aux fins de l'exécution du Projet;

ATTENDU QUE D) l'Accord de Crédit de Développement a été modifié le 9 novembre 2002 et le 30 avril 2004

ATTENDU QUE E) l'Emprunteur a demandé à l'Association d'apporter une contribution supplémentaire au financement du Projet en augmentant le montant fourni au titre de l'Accord de Crédit de Développement d'un montant en monnaies diverses équivalant à trente quatre millions deux cent mille Droits de Tirage Spéciaux (DTS 34 200 000);

ATTENDU QUE l'Association a accepté, à la suite notamment de ce qui précède, d'accorder à l'Emprunteur ladite assistance supplémentaire, sous réserve de la signature d'un accord portant modification à l'Accord de Projet (l'Accord portant modification à l'Accord de Projet) aux conditions stipulées ci-après ;

PAR CES MOTIFS, les parties au présent Accord sont convenues de ce qui suit:

ARTICLE PREMIER

Amendements à l'Accord de Projet

Section 1.01. L'Attendu (A) à l'Accord de Projet est modifié et se lit comme suit:

ATTENDU QUE A) par l'Accord de Crédit de Développement, l'Association a accepté de mettre à la disposition de l'Emprunteur un montant en monnaies diverses équivalant à cent dix neuf millions et quatre cent mille Droits de Tirage Spéciaux (119 400 000 DTS) (le Crédit), qui comprend a) un montant initial en monnaies diverses équivalant à quatre-vingt cinq millions deux cent mille Droits de Tirage Spéciaux (85 200 000 DTS) (Financement Initial); et b) un montant supplémentaire en monnaies diverses équivalant à trente quatre millions deux cent mille Droits de Tirage Spéciaux (34 200 000 DTS) (le Financement Supplémentaire), aux conditions qui sont stipulées dans l'Accord de Crédit de Développement, à la condition toutefois que le FID accepte

d'honorer à l'égard de l'Association les obligations qui sont stipulées dans le présent Accord;

Section 1.02. La Section 6 (d) de l'Annexe 2 à l'Accord de Projet est modifiée et se lit comme suit :

des Dons sont fournis pour le compte des Bénéficiaires admissibles, sur la base d'une formule de partage des coûts jugée acceptable par l'Association, tel que stipulé dans le Manuel de Procédures;

ARTICLE Il

Date d'Entrée en Vigueur ; Expiration

Section 2.01. Le présent Accord Modificatif entre en vigueur à la date à laquelle l'Accord portant modification de l'Accord de Crédit de Développement entre en vigueur.

EN FOI DE QUOI les parties au présent Accord, agissant par l'intermédiaire de leurs représentants dûment habilités à cet effet, ont fait signer le présent Accord Modificatif en leurs noms respectifs à ______________________________, * les jours et an que dessus.

LA REPUBLIQUE DE MADAGAS CAR

Par

Représentant Habilité

L'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DÉVELOPPEMENT

Par

Représentant Habilité

* L'accord est signé dans sa version originale en anglais.

FAMPISAMBORAM-BOLA LAHARANA FAHA-3498-1 MAG
( Soso-panovana)

Fifanarahana soso-panovana atao
Amin'ny Fifanarahana Tetikasa

(Tetikasa ho amin'ny Fampandrosoana ny Vondrombahoaka )

Ifanaovan'ny

FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA HO AMIN' NY FAMPANDROSOANA

sy ny

TAHIRY MISAHANA NY FAMPANDROSOANA

Tamin'ny…………jona 2004

FAMPISAMBORAM-BOLA
LAHARANA FAHA-3498-1 MAG

(soso-panovana)

FIFANARAHANA SOSO-PANOVANA ATAO AMIN'NY FIFANARAHANA TETIKASA

FIFANARAHANA, natao tamin'ny 2004, nifanaovan'ny

FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA HO AMIN' NY FAMPANDROSOANA

(Fikambanana) sy ny TAHIRY MISAHANA NY FAMPANDROSOANA (FID)

SATRIA A) NY REPOBLIKAN'NY MADAGASIKARA ( Mpisambotra ) sy ny Fikambanana dia nanao Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana (araka ny Tetikasa ho amin'ny Fampandrosoana ny Vondrombahoaka Fampisamboram-bola laharana faha-3498-1MAG) tamin'ny 22 mey 2001 (Fifanarahana Fampisamboram-bola ho an'ny Fampandrosoana), mba hanomezana tohana mandritra ny fanatanterahana ny Tetikasa momba ny Tahiry ho amin'ny Fampandrosoana ny vondrombahoaka, araka izay voasoritra ao amin'ny savaravona amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho an' ny Fampandrosoana (ny Tetikasa) ;

SATRIA B) Ny Mpisambotra dia nanaiky ny hanome ny tahiry azo avy amin'ny Fampisamboram-bola ho tatanan'ny FID ary nanao Fifanarahana (ny Fifanarahana) tamin'ny FID noho izany ;

SATRIA C) Ny Fikambanana sy ny FID dia nanao Fifanarahana Tetikasa tamin'ny 22 mey 2001 ( Fifanarahana Tetikasa ) mba hanatanterahana

ny Tetikasa ;

SATRIA D) Ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho an'ny Fampandrosoana
dia nasiana sosom-panovana tamin'ny 9 novambra 2002 sy tamin'ny 30 aprily 2004 ;

SATRIA E) Ny Mpisambotra dia nangataka tamin'ny Fikambanana mba hanome
fanampiana amboniny ho an'ny Tetikasa amin'ny fampitomboana ny vola nomena momba ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana mitovy amin'ny vola vahiny isan-karazany izay mitentina roa hetsy sy efatra amby telopolo tapitrisa Droits de Tirage Spéciaux (34.200.000 DTS) ;

SATRIA ny Fikambanana dia nanaiky , indrindra taorian'izay voalaza teo aloha,
hanome ny Mpisambotra izany fanampiana amboniny izany , rehefa vita sonia ny fifanarahana mikasika ny sosom-panovana ny Fifanarahana Tetikasa (Fifanarahana soso-panovana atao amin'ny Fifanarahana Tetikasa) araka ny fepetra voalaza etsy ambany ;

Noho ireo antony ireo , ny andaniny sy ny ankilany amin'izao Fifanarahana izao
dia nifanaiky toy izao :

ANDININY VOALOHANY

Soso-panovana atao amin'ny Fifanarahana Tetikasa

Sokajy 1.01. Ny savaravona (A) amin'ny Fifanarahana Tetikasa dia nasiana soso-panovana
ary mivaky toy izao :

SATRIA A) Tamin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho an'ny Fampandrosoana, ny Fikambanana dia nanaiky hanome ho tatanan'ny Mpisambotra habetsaham-bola mitovy amin'ny vola vahiny isan-karazany izay

mitentina efatra hetsy sy sivy amby folo amby zato tapitrisa Droits de Tirage Spéciaux (119.400.000 DTS) (ny fampisamboram-bola ), izay ahitana : a) vola tany am-boalohany mitovy amin'ny vola vahiny isan-karazany izay mitentina roa hetsy sy dimy amby valopolo tapitrisa Droits de tirage spéciaux (85.200.000 DTS ) (Famatsiambola tany am-boalohany ); ary
b) vola fanampiny mitovy amin'ny vola vahiny isan-karazany izay mitentina roa hetsy sy efatra amby telopolo tapitrisa Droits de Tirage Spéciaux (34.200.000 DTS) (Famatsiambola Fanampiny), araka ny fepetra voalaza ao amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho an'ny Fampandrosoana, rehefa manaiky ny FID fa hanatanteraka ny andraikiny manoloana ny Fikambanana araka izay voalaza ao amin'izao Fifanarahana izao ;

Sokajy 1.02. Ny Sokajy faha-6(d) ao amin'ny Tovana 2 amin'ny Fifanarahana Tetikasa dia nasiana soso-panovana ary mivaky toy izao :

d)ny Fanomezana dia homena ho an'ny Mpahazo tombontsoa nekena, izay mifototra amin'ny fitsipi-pizarana ny vola lany heverina fa eken'ny Fikambanana, araka izay voalazan'ny Boky mirakitra ny paika arahina ;

ANDININY FAHA-2

VANINANDRO FIDIRANA HANAN-KERY ; FAHATAPERANY

Sokajy 2.01. Manankery izao Fifanarahana nasiana soso-panovana izao amin'ny vaninandro mampanankery ny Fifanarahana momba ny Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana

Noho izany , ny andaniny sy ny ankilany amin'izao Fifanarahana izao, izay amin'ny alalan'ny solontenany nahazo fahefana ara-dalana amin'izany, dia nampanao sonia amin'ny anaran'izy ireo avy ity Fifanarahana nasiana soso-panovana ity tamin'ny
andro sy taona voalaza etsy ambony.

NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Amin'ny

Solontena nomem-
pahefana

NY FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA HO AMIN'NY FAMPANDROSOANA

Amin'ny

Solontena nomem-
pahefana

Ny Fifanarahana dia nosoniavina amin'ny
dikany voalohany amin'ny teny anglisy.

FAMPISAMBORAM-BOLA LAHARANA FAHA-3498-1-MAG
(Soso-panovana)

Fifanarahana manisy soso-panovana ny Fifanarahana
Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana

(Tetikasa ho amin'ny Fampandrosoana ny Vondrombahoaka)

Ifanaovan'ny

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

sy ny

FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA HO AMIN' NY FAMPANDROSOANA

Tamin'ny 03 jona 2004

FAMPISAMBORAM-BOLA LAHARANA FAHA-3498-1-MAG

(Soso-panovana)

FIFANARAHANA MANISY SOSO-PANOVANA

NY FIFANARAHANA FAMPISAMBORAM-BOLA HO AMIN'NY FAMPANDROSOANA

FIFANARAHANA, tamin'ny 03 jona 2004, ifanaovan'ny REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA (ny Mpisambotra) sy ny FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY FAMPANDROSOANA (ny Fikambanana).

SATRIA A) ny Mpisambotra sy ny Fikambanana dia nanao Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana (araka ny Tetikasa Fampandrosoana ny Vondrombahoaka- Fampisamboram-bola laharana faha-3498-1MAG) tamin'ny 22 mey 2001 (ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana ), mba hanomezana tohana mandritra ny fanatanterahana ny Tetikasa momba ny Tahiry ho amin'ny Fampandrosoana ny Vondrombahoaka, araka izay voasoritra ao amin'ny savaravona amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin' ny Fampandrosoana (ny Tetikasa) ;

SATRIA B) ny Mpisambotra dia nanaiky ny hanome ny tahiry azo avy amin'ny Fampisamboram-bola ho tatanan'ny Tahiry Firotsahana an-tsehatra amin'ny Fampandrosoana (FID) ary nanao Fifanarahana (ny Fifanarahana) tamin'ny FID noho izany ;

SATRIA C) ny Fikambanana sy ny FID dia nanao Fifanarahana Tetikasa tamin'ny 22 mey 2001 (Fifanarahana Tetikasa) mba hanatanterahana ny Tetikasa ;

SATRIA D) ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana dia nasiana soso-panovàna tamin'ny 9 novambra 2002 sy tamin'ny 30 aprily 2004 ;

SATRIA E) ny Mpisambotra dia nangataka tamin'ny Fikambanana mba hanome fanampiana amboniny ho an'ny Tetikasa amin'ny fampitomboana ny vola nomena momba ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana mitovy amin'ny vola vahiny isan-karazany izay mitentina roa hetsy sy efatra amby telopolo tapitrisa Droits de Tirage Spéciaux (DTS 34 200.000) ;

SATRIA ny Fikambanana dia nanaiky, indrindra taorian'izay voalaza teo aloha, hanome ny Mpisambotra izany fanampiana amboniny izany, araka ny fepetra voalaza amin'izao Fifanarahana izao ;

NOHO IREO ANTONY IREO, nifanaraka ny andaniny sy ny ankilany amin'izao Fifanarahana izao fa :

ANDININY VOALOHANY

Soso-panovana atao amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana

Sokajy 1.01 Ny Sokajy 1.02 amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana dia asiana soso-panovana amin'ny alàlan'ny fampidirana ny paragrafy a)
manaraka etoana, ka ny paragrafy notondroina tany aloha tamin'ny litera a) ka hatramin'ny m) dia tondroina arak'izany ao amin'ny Fifanarahana nasiana soso-panovana amin'ny litera b) ka hatramin'ny n) :

(a) ny teny hoe "Fifanarahana nasiana soso-panovana" dia manondro ny Fifanarahana manisy soso-panovana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana (Tetikasa momba ny Fampandrosoana ho an'ny Vondrombahoaka), ifanaovan'ny Mpisambotra sy ny Fikambanana tamin'ny ___________________ ; "

Sokajy 1.02. Ovàna ary vakiana toy izao manaraka izao ny sokajy 2.01 amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana :

Sokajy 2.01 Ny Fikambanana dia manaiky hanome ny Mpisambotra, araka ny fepetra voalaza na voatondro ao amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana, Vola hosamborina mitovy amin'ny vola vahiny isan-karazana izay mitentina efatra hetsy sy sivy ambin'ny folo amby zato tapitrisa Droits de Tirage Spéciaux (119 400 000 DTS) (ny Vola nosamborina) izay misy : a) ny vola
tany am-boalohany mitovy amin'ny vola vahiny isan-karazany izay mitentina roa hetsy sy dimy amby valopolo tapitrisa Droits de Tirage Spéciaux (DTS 85 200 000) (Famatsiam-bola tany am-boalohany) ; ary b) vola fanampiny mitovy amin'ny vola vola vahiny isan-karazana izay mitentina roa hetsy sy efatra amby telopolo tapitrisa Droits de Tirage Spéciaux (DTS 34 200 000) (ny famatsiam-bola fanampiny )"

Sokajy 1.03. Misy fepetra iray ampiana amin'ny faran'ny Sokajy 2.04 (b) (i) amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana, izay soratana toy izao manaraka izao :

"satria ny tambim-panekena momba ny Famatsiam-bola Fanampiny anefa manomboka ny vaninandro tafalatsaka ao anatin' ny enimpolo (60) andro

aorian'ny vaninandro entin'ny Fifanarahana manisy soso-panovana ;"

Sokajy 1.04. Ovàna sy vakiana toy izao manaraka izao ny Sokajy 2.07 (a) amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana :

Sokajy 2.07 (a) Na dia eo aza ny fepetra voalazan'ny paragrafy b) sy c) manaraka etoana, ny Mpisambotra dia manonitra ny renivola nalaina toy izao manaraka izao :

(i) satria izy ity dia Famatsiam-bola tany am-boalohany, ampaham-banim-potoana isan-enim-bolana no andoavana izany ny 1 mey sy ny 1 novambra, manomboka ny 1 mey 2011, ny fotoana farany andoavam-bola dia atao ny 1 novambra 2040. Ny fotoana andoavam-bola tsirairay, hatramin'ny an'ny 1 novambra 2020 tafiditra ao, dia mitovy amin'ny iray isan-jato (1%) amin'io renivola io ary ny fotoana andoavam-bola tsirairay any aoriana dia mitovy amin'ny roa isan-jato (2%) amin'io renivola io ; ary

(ii) satria Famatsiam-bola Fanampiny, amin'ny alalan'ny ampaham-banim-potoana isan'enim-bolana no andoavana azy ny 1 mey sy ny 1 novambra, manomboka ny 1 novambra 2014, ny fotoana farany andoavam-bola dia ny 1 mey 2044. Ny fotoana andoavam-bola tsirairay hatramin'ny an'ny 1 mey 2024 tafiditra ao, dia mitovy amin'ny iray isan-jato (1%) amin'io renivola io ary ny fotoana andoavam-bola tsirairay any aoriana dia mitovy amin'ny roa isan-jato (2%) amin'io renivola io.

Sokajy 1.05. Ny Tovana 1 amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana dia ovàna amin'ny alalan'ny fanavaozana ny tabilao hita ao amin'ny paragrafy voalohany ao aminy, vakiana toy izay voatondro ao amin'ny Tovana 1 amin'ity Fifanarahana nasiana soso-panovana ity.

Sokajy 1.06. Ny Habetsahany Nekena izay voatondro ao amin'ny paragrafy voalohany (c) ao amin'ny Tovana 3 amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana izay 9 tapitrisa Dolâra (9.000.000 USD) dia hakarina ho 15 tapitrisa Dolâra (15.000.000 USD).

ANDININY II

Vaninandro fidirany hanan-kery ; Fahataperany

Sokajy 2.01 Ity Fifanarahana nasiana soso-panovana ity dia tsy manan-kery raha tsy aorian'ny nahazoan'ny Fikambanana ny singan-taratasy manaporofo ny fahafaham-pony fa :

a) Ny sosom-panovana amin'ny Fifanekena, noheverin'ny Fikambanana fa mahafa-po azy, izay manondro fa ny tahiry avy amin'ny Fampisamboram-bola nomena ampiasain'ny FID dia ahitana ny Famatsiam-bola Fanampiny voasonia sy soso-panovana amin'ny Fifanarahana momba ny Tetikasa voasonia.

b) ny fanaovan-tsonia sy ny fanolorana ity Fifanarahana manisy soso-panovana ny Fifanarahana enti-manova ny Fifanekena sy ny Fifanarahana manisy soso-panovana ny Fifanarahana momba ny Tetikasa, dia nomen-dàlana na nankatoavina ara-dalàna, ny fepetra rehetra ilaina dia noraisin'ny manam-pahefana.

Sokajy 2.02. Eo amin'ny singan-taratasy tokony ho vononina araka ny Sokajy 2.01 amin'ity Fifanarahana manisy soso-panovana ity, homena ny Fikambanana ny hevitra na ireo hevitra izay heverin'ny Fikambanana fa mahafa-po azy sy avy amin'ny mpanolotsaina iray eo amin'ny lafin'ny lalàna eken'ny Fikambanana, izay manondro : i) amin'ny anaran'ny Mpisambotra, fa ity Fifanarahana manisy soso-panovana ity dia nomen-dàlana ara-dalàna na nankatoavin'ny Mpisambotra, sy nosoniavina ary

natolotra amin'ny anaran'ny Mpisambotra, ka tsy maintsy arahin'ny Mpisambotra arak'izay voarakitra ao aminy sy ii) amin'ny anaran'ny FID, fa ny Fifanarahana manisy soso-panovana ny Fifanarahana momba ny Tetikasa sy ny fifanarahana enti-manova ny Fifanekena dia nomen-dàlana ara-dalàna na nankatoavin'ny FID, ary nosoniavina sy natolotra amin'ny anaran'ny FID, ka tsy maintsy arahin'ny FID arak'izay voarakitra ao aminy.

Sokajy 2.03. Ity Fifanarahana manisy soso-panovana ity dia manan-kery sy ampiharina amin'ny vaninandro izay ampahafantaran'ny Fikambanana ny Mpisambotra fa ekeny ny singan-taratasy takian'ny Sokajy 2.01 amin'ity Fifanarahana manisy soso-panovana ity.

Sokajy 2.04 Raha toa ity Fifanarahana manisy soso-panovana ity ka tsy manan-kery sy tsy nampiharina tamin'ny vaninandro tafalatsaka ao anatin'ny sivifolo andro taorian'ny vaninandro entin'ity Fifanarahana nasiana soso-panovana ity, izany Fifanarahana nasiana soso-panovana voalaza izany sy ny andraikitra rehetra iantsorohan'ny andaniny sy ny ankilany araka ny voalazan'ity Fifanarahana nasiana soso-panovana ity dia mitsahatra, raha tsy hoe

mametra vaninandro aty aoriana ny Fikambanana ho fampiharana izao Sokajy izao. Raha toa mitsahatra ity Fifanarahana nasiana soso-panovana ity araka ny fepetra voalazan'izao Sokajy izao, ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana dia mijanona manan-kery tanteraka toy ny hoe tsy nosoniavina ity Sosom-panovàna ity.

NOHO IZANY, ny andaniny sy ny ankilany amin'izao Fifanarahana izao, izay amin'ny alalan'ireo solontenany nahazo fahefana ara-dalàna amin'izany, dia nampanaovina sonia ity Fifanarahana nasiana soso-panovana ity amin'ny anaran'izy ireo avy tamin'ny ____________________ ; *ny andro sy ny taona voalaza etsy ambony,.

NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Avy amin'ny
Solontena nomem-pahefana

NY FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY FAMPANDROSOANA

Avy amin'ny

Solontena nomem-pahefana

* ny Fifanarahana dia nosoniavina amin'ny dikany voalohany amin'ny teny anglisy.

FANAMPINY 1

TOVANA 1

*Fakàna vola ao amin'ny Tahiry Fampisamboram-bola*

| Sokajy | Habetsahan'ny natokana (atao DTS) | famatsiam-bola | % amin'ny fandaniana hovatsiam-bola |
|---|---|---|---|
| | Famatsiam-bola tany am-boalohany | Famatsiam-bola Fanampiny | |
| 1) Fanomezana | | | 100% amin'ny |

| | | | |
|---|---|---|---|
| amin'ny zanaka tetikasa | | | habetsahan'ny vola fanomezana navoaka |
| a) amin'ny Fizarana E amin'ny Tetikasa | 12 170 000 | 3 420 000 | |
| b) amin'ny Fizarana F amin'ny Tetikasa | 4 500 000 | 350 000 | |
| c) Hafa | 51 090 000 | 29 400 000 | |
| 2) Fanampiana ara-teknika, fanofanana ary "audits" | 13 170 000 | 350 000 | 100% amin'ny fandaniana amin'ny vola vahiny sy 85% amin'ny fandaniana amin'ny vola eto amin'ny firenena mikasika ny Famatsiam-bola tany am-boalohany, 85% amin'ny fandaniana amin'ny vola vahiny sy 75% amin'ny fandaniana amin'ny vola eto amin'ny firenena ho an'ny asa fakàn-kevitra (anisan'izany ny "audits") mikasika ny Famatsiam-bola fanampiny |
| 3) Fiarakodia, fanana-manaraka ary fampitaovana | 1 170 000 | | 100% amin'ny fandaniana amin'ny vola vahiny sy 80% amin'ny fandaniana amin'ny vola eto amin'ny firenena |
| 4) Loloha amin'ny fampandehanan-draharaha | 3 100 000 | 200 000 | 90% |
| 5) Tsy natokana | 0 | 480 000 | |
| FITAMBARANY | 85 200 000 | 34 200 000 | |